

Laharana 3998 Taona faha-11

Vidiny: 200 Ariary

Gazety mivoaka isan'andro

Alatsinainy 20 jona 2011



**ERICK MANANA
SY JENNY
LANY NY
TAPAKILA
2 ANDRO MISESY**

Erick Manana sy Jenny

Lany ny tapakila nandritra ny 2 andro nisesy

Fahombiazana. Izay no azo hibangoana ny seho roa sosona notanterahan'i Erick Manana sy i Jenny tetsy amin'ny Esca Antanimena. Feno hatrany ny efitrano nandritra ny roa andro misesy, izany hoe lany avokoa ny tapakila natonta tamin'ireo seho roa ireo. Nafana, mazava ho azy, ny fiarahana! Fa teo amin'ny lafiny seho indray dia mbola azo ambara fa fahombiazana tanteraka ihany koa. Tsy nandiso fanantenana



ireo rehetra tonga nialavoly tao an-toerana ny seho

natolot'izy ireo. Nampan-golingoly ny fo amam-

panahy ary nanala sorisory ny vazo natolony, izay kanto tokoa. Ankoatra an'i Erick Manana sy Jenny, izay nitendry sy nivazo, mantsy dia nanome loko sy endrika hafa ny fiarahan'izy ireo ry Bariliva, Nini, Colbert, Solofo Bota ary Titti. Fiarahana'ny samy goavana e ! Fanirian' ny rehetra ny hisian'ny seho toa ireny amin'ny toerana goavana kokoa, toa ny hoe Lapan'ny Kolontsaina.